# MIOMANA HIDITRA AO AMIN'NY TEMPOLY MASINA



# MIOMANA HIDITRA AO AMIN' NY
# TEMPOLY MASINA

Boky kely famintinana ny
*The Holy Temple,*
nosoratan'i Boyd K. Packer

Eo amin'ny fonony anoloana: Tempolin'i Salt Lake
Eo amin'ny fonony ao ambadika: Tempolin'i Laie Hawaii

© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia

Fankatoavana ny teny Anglisy: 8/02.
Fankatoavana ny fandikana: 8/02.
Fandikana ny *Preparing to Enter the Holy Temple*
Malagasy
36793 654

## *Mandehana any amin'ny Tempoly*

Mety ho maro ireo antony hanirian'ny olona iray handehahanana any amin'ny tempoly. Na dia ny endriny ety ivelany aza dia toa maneho sahady ny tanjony lalina ara-panahy. Vao mainka mibaribary izany rehefa miditra ao anatiny. Eo ambonin'ny varavaran'ny tempoly dia ahitana ny filazana hoe: "Hamasinina ho an'ny Tompo." Rehefa miditra ao amin'ny tempoly iray efa notokanana ianao dia ao an-tranon'ny Tompo izay ianao.

Ato amin'ny Fiangonana isika dia manorina karazana trano maro. Ao amin'izy ireny isika no mitsaoka sy mampianatra sy miala voly ary mifandamina amin'ireo asa. Afaka manorina tsatòka sy paroasy sy misiona ary kôlejy sy Fikambanana Ifanampiana ao amin'ireny trano ireny isika na amin'ireo trano hofaina koa aza. Saingy rehefa manorina fianakaviana araka ny lamina izay nambaran'ny Tompo isika, dia ao amin'ireo tempoly no manao izany. Ny fanambadiana any amin'ny tempoly, izay tsy inona fa ilay ôrdônansy famehezana, dia fitahiana iray faran'izay manan-danja indrindra izay azonao andraindraina any amin'ny tempoly.

Ao amin'ny tempoly no ahafahan'ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nanao izay hahamendrika ny tenany, mandray anjara amin'ilay tena ambony indrindra amin'ireo ôrdônansin'ny fanavotana izay nambara tamin'ny zanak'olombelona. Ao no hanadiovana, sy hanosorana, sy hampianarana, sy hanomezana ny fanafiana masina ary hamehezana ny olona iray mandritra ny fombafomba masina iray. Ary rehefa avy nandray ireo ôrdônansin'ny fanavotana ireo ho an'ny tenantsika isika dia afaka misolo tena an'ireo izay efa nodimandry ka tsy nanana fahafahana nandray izany. Ao amin'ny tempoly, ireo ôrdônansy masina ireo dia tanterahana na ho an'ny velona na ho an'ny maty. Indro ny batistera, izay hanatanterahana batisa isoloana tena ho an'ireo efa

nodimandry, izay ahitana mpikambana mendrika misolo tena an'ireo izay efa niampita any ambadiky ny voaly.

"Mandehana any amin'ny tempoly." Raha toa ka tsy anio, dia mandehana faingana. Mivavaha mafy, alamino ny fiainanao, manaova tahiry araka izay tratranao amim-pitsinjovana ny fahatongavan'izany andro izany. Atombohy anio ilay dian'ny fibebahana izay indraindray tena sarotra sy mahakivy. Ny tempoly dia manova tanteraka ny tsirairay ary mahatonga ny ezaka rehetra atao ahatongavana any hahaleo ny sarany. Ho anareo izay monina amin'ny toerana tena lavitry ny tempoly, dia ireo tempoly no hanatona anareo alohan'ny hahafahanareo handeha any. Tazomy ny finoanao sy ny fanantenanao ary tapao ny hevitra fa handeha ianao—fa ho mendrika ianao ary handeha ho any amin'ny tempoly.

## *Masina Ireo Zavatra Ireo*

Rehefa vakiana tsara ny soratra masina dia hita ao fa tsy nampahafantatra ny zava-drehetra tamin'ny olona rehetra ny Tompo. Nisy fepetra sasantsasany napetraka izay takiana mba hahafahana mandray fampahalalana masina. Ny fombafomba atao ao amin'ny tempoly dia tafiditra ao anatin'izany sokajy izany.

Tsy resahantsika any ivelan'ny tempoly ny momba ireo ôrdônansin'ny tempoly. Tsy nokendren'Andriamanitra velively ny hanokana izany fahalalana mahakasika ireo fombafomba atao ao amin'ny tempoly izany ho an'ny olom-bitsy voafantina ihany izay ho voatery avy eo hanao izay tsy hahafantaran'ny hafa izany mihitsy. Tena mifanohitra tanteraka amin'izany aza no izy, raha ny marina. Miezaka mafy isika mamporisika ny olona tsirairay mba hanao izay hahamendrika azy sy hiomana hahazo traikefa ao amin'ny tempoly. Nampianarina foto-kevitra iray ireo izay efa avy tany amin'ny tempoly manao hoe: Indray andro any dia hanana fahafahana haheno ny filazantsara sy hanaiky na handà ny zavatra izay atolotra ao amin'ny tempoly ny fanahy rehetra izay niaina hatrizay. Raha toa ka lavina ny fahafahana handray izany dia tsy maintsy ho tompon'andraikitra amin'izany fandavana izany ilay olona.

Ireo ôrdônansy sy fombafomba ao amin'ny tempoly dia tsotra. Mahafinaritra izy ireo. Masina izy ireo. Notazonina ho

tsiambaratelo izy ireo mba tsy hanomezana azy ireo an'ireo olona tsy vonona. Ny misikotsikotra te-hahalala momba ireo fombafomba any amin'ny tempoly dia tsy fiomanana. Na ny fahalianana lalina koa aza dia tsy fiomanana. Ny fiomanana amin'ireo ôrdônansy dia ahitana ireto dingana atao mialoha ireto: finoana, fibebahana, batisa, fandraisana ho mpikambana, fahamendrehana, fahamatorana sy fahambonian-toetran'ny olona iray izay toy ny vahiny voasa hiditra ao amin'ny tranon'ny Tompo.

Tsy maintsy vonona isika alohan'ny handehanana any amin'ny tempoly. Tsy maintsy mendrika isika alohan'ny handehanana any amin'ny tempoly. Misy ny famerana sy fepetra efa napetraka. Ny Tompo no nametraka azy ireny fa tsy ny olombelona. Ary manana zo sy fahefana tanteraka ny Tompo hitakiana ny mba hitazonana ho masina sy ho tsy azo zarazaraina ny zavatra izay mahakasika ny tempoly.

Ireo rehetra izay mendrika sy nahafeno ny fepetra rehetra dia afaka miditra ao amin'ny tempoly, mba hampahafantarina azy ireo ireo fombafomba sy ôrdônansy masina atao ao.

## *Mendrika ny Hiditra*

Rehefa takatrao ny lanjan'ny fitahiana entin'ny tempoly sy ny fahamasinan'ireo ôrdônansy tanterahina any amin'ny tempoly dia tsy ho sahinao ny hametra-panontaniana ny amin' ireo fepetra avo napetraky ny Tompo mahakasika ny fidirana ao amin'ny tempoly masina.

Tsy maintsy manana fahazoan-dalana manan-kery ianao vao hahazo lalana hiditra ny tempoly. Io fahazoan-dalana io dia tsy maintsy voasonian'ny evekan'ny paroasinao sy ny filohan'ny tsatòkanao. Any amin'ny sehatra iandraiketan'ny misiôna dia mazava ho azy fa ny filohan'ny sampana sy ny filohan'ny misiôna no mihazona ny andraikitra hanome fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. Ireo mendrika ihany no tokony handeha any amin' ny tempoly. Ny eveka no manana andraikitra hanadihady mahakasika ny fahamendrehantsika manokana. Io tafa sy dinika io dia manan-danja indrindra ho anao amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao, satria izy io dia fotoana ahafahanao mizaha miaraka amin'ny mpanompo voahosotry ny Tompo ny endriky ny fiainanao. Raha

misy zavatra tsy mety eo amin'ny fiainanao dia afaka hanampy anao hamaha izany ny eveka. Amin'ny alalan'io fomba io, rehefa mifampidinika amin'ny mpitsara tsotra eo amin'i Isiraely ianao, no ahafahanao manambara ny fahamendrehanao hiditra ny tempoly omban'ny fankatoavan'ny Tompo, na ahafahana manampy anao hahatratra izany.

Ny Filoha N. Eldon Tanner, izay Mpanolotsaina Voalohany tao amin'ny Fiadidiana Voalohany teo aloha, dia niresaka momba ny tafa sy dinika tamin'ny fivoriamben'ny fisoronana. Ny torohevitra nomeny dia manan-danja na ho an'ilay mpitondra ao amin'ny Fiangonana izay mitarika ny tafa sy dinika na ho an'ilay mpikambana izay atao tafa sy dinika. Diniho tsara ny torohevitra nomeny:

> Ianareo ry eveka sy filohan'ny tsatòka dia afaka mitarika ny tafa sy dinika ho an'ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly amin'ny fomba mitovitovy amin'izao:
>
> "Nanatona ahy ianao mba hahazoana fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. Manana andraikitra aho hisolotena ny Tompo eo amin'ny fanaovana dinidinika aminao. Any amin'ny faran'ity dinidinika ity dia misy toerana voatokana ho an'ny soniako eo amin'ny fahazoan-dalanao; fa tsy ny soniako ihany no sonia manan-danja eo amin'ny fahazoan-dalanao. Tsy manan-kery io fahazoan-dalana io raha tsy manao sonia azy aloha ny tenanao.
>
> "Rehefa manao sonia ny fahazoan-dalanao ianao dia manao fanolora-tena amin'ny Tompo fa hoe mendrika ireo tombontsoa izay natokana ho an'ireo izay mihazona izany fahazoan-dalana izany. Hisy fanontaniana maromaro efa mitovy hatrany izay hapetrako. … ary asaina ianao hamaly ny tsirairay amin'izy ireo amin'ny fo madio." …
>
> Ankehitriny, rehefa avy nametraka ireo fanontaniana tokony hapetraka amin'ilay mpangataka ianao, dia afaka manampy zavatra toy izao: "Izay miditra ao amin'ny tranon'ny Tompo dia tsy maintsy afaka amin'izay mety fomba fanao *tsy madio, na tsy masina, na maloto, na tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy.*" …
>
> Ireo tafa sy dinika ataontsika dia tsy maintsy tanterahina amim-pitiavana sy amin'ny fomba tsotra. Matetika dia ho voahitsy izay tsy mety raha mametraka ity fanontaniana ity ianareo: "Mety misy antony ve hahatonga anao ho manana

fisalasalana na hahatsiaro ho tsy marin-toetra eo anatrehan'ny Tompo raha manao sonia ny fahazoan-dalanao hiditra ny tempoly ny tenanao?

"Sao dia mila fotoana kely aloha ianao handaminana zavatra vitsivitsy sasantsasany tena anao manokana alohan'ny hanaovanao sonia azy? Tsarovy fa ny Tompo dia mahafantatra ny zava-drehetra ary tsy azo vazivaziana. Miezaka manampy anao izahay. Aza mandainga velively noho ny hoe mba hahazoana antso iray, na fahazoan-dalana iray, na fitahiana iray avy amin'ny Tompo."

Raha araka izay voalaza etsy ambony no hitondranao ny resaka dia ilay mpikambana no manana ny andraikitra hanao dinidinika amin'ny tenany. Ny eveka na ny filohan'ny tsatòka dia manana zo hanana ny hery ahaizana mamantatra. Ho fantany hoe misy na tsy misy zavatra tsy mety izay tokony ahitsy alohan'ny hanomezana ilay fahazoan-dalana. ("The Blessing of Church Interviews," *Ensign* [Nôvambra 1978]: 42–43.)

Ny dinidinika ho an'ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly dia atao mitokana eo amin'ny eveka sy ilay mpikamban'ny Fiangonana voakasik'izany. Mandritra izany no ametrahana amin'ilay mpikambana ireo fanontaniana manadihady ny fomba fiainany manokana, ny fahamendrehany, ary ny fahatokiany amin'ny Fiangonana sy ireo mpitarika ao aminy. Mila manamarina ilay olona fa madio ara-pitondrantena izy sy mitandrina ny Tenin'ny Fahendrena, mandoa ny fahafolonkarena feno, miaina mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Fiangonana, ary tsy mikambana na tsy mankasitraka vondrona ao anatin'ny apôstazia. Nomena toromarika ny eveka fa ny tsiambaratelo eo amin'ny fanatanterahana izany andraikitra izany miaraka amin'ireo olona atao dinidinika dia zava-dehibe tokoa.

Ireo valinteny azo ekena avy tamin'ireo fanontanian'ny eveka no hamaritra ny fahamendrehan'ny olona iray mba hahazoany mandray ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. Raha toa ka tsy mitandrina ny didy ny olona iray na misy zavatra izay tsy nibebahany teo amin'ny fiainany ka ilaina alamina, dia ilaina ny hanehoany fibebahana marina alohan'ny hanomezana azy ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly.


*Efitrano selestialy, Tempolin'i Vernal Utah*

Rehefa nahavita dinidinika toy izay ny eveka, dia misy mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka manao dinidinika torak'izany koa antsika tsirairay alohan'ny handehanantsika any amin'ny tempoly. Raha vao sambany isika no handeha ho any, raha ny tokony ho izy dia ny filohan'ny tsatòka mihitsy no manao ilay dinidinika.

Azo antoka fa rehefa tonga ianao mba hatao dinidinika ho an'ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly dia ho ekenao ny fitsaran'ilay voatendry ho mpitsara eo amin'i Isiraely, izay tompon'andraikitra misolotena ny Tompo eo amin'ny famaritana hoe mety aminao sa tsia ny hidiranao ao amin'io toerana masina io.

## *Vao Sambany ho Any*

Raha vao sambany ianao no handeha any amin'ny tempoly dia tsy mahagaga raha somary mitebiteby kely. Fombantsika ny mitebitevy eo anatrehan'ny zavatra tsy mbola fantatra. Matetika isika no lasa mitaintaina rehefa misy zavatra vaovao iainana.

Mitonia. Any amin'ny tempoly no alehanao. Hisy olona hanampy anao any amin'ny toerana rehetra ao amin'ny tempoly. Ho tantanana tsara ianao any—mitonia.

Rehefa miditra ao amin'ny tempoly ianao dia tokony ho feno fanajana. Izay resaka rehetra ilaina atao dia tokony atao amin'ny feo tena malefaka. Mandritra ireo fotoana fampianarana, mazava ho azy, dia feno fanajana sy mangina tanteraka isika.

Vitsy ny toerana amin'izao fotoana izao izay hahafahana misaintsaina ao anatin'ny fanajana feno fahanginana. Alohan'ny hidirana ao amin'ny tempoly sasany hanombohana ny asa fanaovana ôrdônansy, dia matetika no miangona ao amin'ny efitrano fivavahana izay ao amin'ny tempoly ireo mpanatrika. Ao amin'io toerana io no miandry ireo mpikambana mandra-pahatafangona daholo ireo mpanatrika. Amin'ny ankapobeny isika eo amin'ny fiainana dia tsy maharitra rehefa hoe miandry. Ny hoe tonga voalohany eo amin'ny efitra iray dia avy eo voatery miandry ilay olona farany indrindra ho tafiditra izay vao manomboka dia ho niteraka fahasorenana raha tamin'ny toe-javatra hafa. Any amin'ny tempoly kosa dia mifanipaka tanteraka amin'izany. Io fiandrasana io dia raisina ho toy ny tombontsoa tsara indrindra. Akory ny tombontsoa

ananana amin'izany hoe mipetraka amim-pahanginana tsy ankiresaka, ary mampifantoka ny saina amin'ny eritreritra feno fanajana sy ara-panahy! Mankahery ny fanahy izany.

Rehefa mankany amin'ny tempoly ianao dia tsarovy fa vahiny nasaina ao amin'ny tranon'ny Tompo ianao. Fotoampifaliana izany, saingy fotoan'ny fifaliana atao amim-pahanginana. Indraindray mandritra ny fanambadiana iray any amin'ny tempoly dia ilaina ny mampahatsiahy ireo namana sy tapaka fa ny fanehoan'izy ireo fitiavana sy fiarahabana, ary ny firariantsoa ho an'ireo havana izay tsy hitan'izy ireo nandritra ny fotoana lava, dia tokony atao amin'ny fiteny malefaka sy feo iva. Ny fitenenana mafy sy ny tokelaka dia tsy sahaza ho atao ao an-tranon'ny Tompo.


Ekeo ny fitarihana avy amin'ireo mpiasa ao amin'ny tempoly. Hisy olona hitantana anao eo am-panaovanao izay lamina ao.

## *Ampianarina avy any Ambony*

Alohan'ny handehananao any amin'ny tempoly, na vao sambany na efa imbetsaka tany aza, dia mety hanampy anao ny fahatakarana fa ny fampianarana any amin'ny tempoly dia atao amin'ny fomba izay ampiasana tandindona. Nanome ny ankamaroan'ny torolalany arak'izany fomba izany ny Tompo, ilay Mpampianatra Lehibe.

Sekoly lehibe tokoa ny tempoly. Trano fianarana izany. Voalamina tsara ny tontolo ao amin'ny tempoly mba ho toerana mendrika handraisana toromarika mikasika ny zavatra izay manana dikany lalina ara-panahy. Itompokolahy Dokotera John A. Widtsoe tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia filohan'ny oniversite niavaka ary manampahaizana fantadaza eran-tany. Nanome haja lehibe tokoa ny asa ao amin'ny tempoly izy ary indray mandeha izay dia niteny toy izao:

> "Ny ôrdônansin'ny tempoly no mandravona ny drafitry ny famonjena manontolo araka ny efa nampianaran'ny mpitariky ny Fiangonana azy ombieny ombieny, ary manazava ireo zavatra sarotra takarina. Tsy ilaina amboamboarina na ovaina ireo fampianarana ao amin'ny tempoly vao mety hifanaraka amin'ny drafitra lehiben'ny famonjena. Ny fahafenoana ara-foto-pisainana hita ao amin'ny fanafiana



*Batistera, Tempolin'i Washington D.C.*

masina dia iray amin'ireo hevitra lehibe maneho ny fahamarinan'ireo ôrdônasnin'ny tempoly. Mihoatra noho izany, io fandravonana feno dia feno sy io famelabelarana ny drafitry ny Filazantsara io dia mahatonga ny asa fanompoana atao ao amin'ny tempoly ho iray amin'ireo fomba mahomby indrindra ampahatsiahivana ao amin'ny fitadidiana ny firafitry ny filazantsara manontolo.

> Misy zavatra iray hafa izay tonga ao an-tsaiko hatrany toy ny porofo mahery vaika ao anaty mikasika ny mahamarina ny asa atao ao amin'ny tempoly. Ny fanafiana masina sy ny asa ao amin'ny tempoly araka ny nambaran'ny Tompo azy tamin'ny Joseph Smith Mpaminany … dia azo zaraina mazava tsara ho ampahany efatra: Ireo ôrdônansy fiomanana; ny fanomezana torolalana amin'ny alalan'ny fampianarana sy fampisehoana; ireo fanekempihavanana; ary farany, ireo fitsapam-pahaizana. Tsy inoako hoe i Joseph Mpaminany, izay tsy nandia fianarana sy tsy nozarina tamin'ny resaka lôjika no hahavita tamin'ny tenany manokana nanao izany ho feno tahaka izany sy mifanaraka tsara amin'ny lôjika. (John A. Widtsoe, "Temple Worship," *The Utah Genealogical and Historical Magazine* 12 [Aprily 1921]: 58.)

Raha hindramina indray ny tenin'ny Loholona Widtsoe ao amin'io lahatsoratra io dia manao hoe:

> Miaina ao anaty tontolo feno tandindona isika. Tsy mahafantatra na inona na inona isika raha tsy amin'ny alalan'ny tandindona. Manoratra marika vitsivitsy eo amin'ny taratasy iray isika dia milaza fa tonga teny iray izany, izay midika hoe fitiavana, na fankahalana, na fiantrana, na Andriamanitra na hoe mandrakizay. Mety tsy ho tena mahafinaritra ny maso ny endrik'ireo marika. Tsy misy mahita ho kianina amin'ireo marika eo amin'ny takelaky ny boky iray noho ny antony hoe ny hatsaran'ireo marika dia tsy mahery tahaka ny zavatra izay lazainy. Tsy mametrapanontaniana isika mikasika ireo litera hoe A-n-d-r-i-a-m-a-n-i-t-r-a noho izy ireo hoe tsy tsara tarehy loatra, kanefa manambara ny halehiben'Andriamanitra. Faly isika manana tandindona, raha toa ka takatsika ny hevitr'ireo tandindona ireo. Miteny aminareo aho anio hariva, tsy niadianareo hevitra loatra ny fomba nampitako izany, na ireo teny nofidiako; teo am-panarahana ny dikan'ireo hevitra

> izay noezahako nazavaina taminareo dia adinonareo ireo teny sy ny fomba nanazavako azy. …
>
> Miaina ao anaty tontolo feno tandindona isika. Tsy misy lehilahy na vehivavy afaka mivoaka avy ao amin'ny tempoly ka hoe nandray ny fanafiana masina araka ny tokony ho izy, raha tsy efa nahita, tao ambadik'ireo tandindona, ireo zavatra tena misy tsy azo isalasalana izay ampitain'ireo tandindona ireo. ("Temple Worship," pejy 62.)

Raha mandeha any amin'ny tempoly ianao ka mahatsiaro fa ny fampianarana any dia ampiasana tandindona, dia tsy azo heverina ny hoe handeha any ianao amin'ny toe-panahy mifanaraka amin'ny tokony ho izy ka hivoaka avy ao ka hoe tsy mahazo fahatakarana mivelatra kokoa, sy mahatsapa ho sambatra kokoa ary fahalalana nitombo kokoa mikasika ny zavatra ara-panahy. Mahavariana ny drafitra enti-mampianatra. Nentanim-panahy izany. Ny Tompo Mihitsy, ilay Mpampianatra Lehibe, tamin'ny fampianarana izay nataon'ny Tenany mihitsy tamin'ireo Mpianany, dia nampianatra hatrany tamin'ny alalan'ny fanoharana, fomba iray ampiasana teny entina hanehoana amin'ny alalan'ny tandindona zavatra maromaro izay ho sarotra takarina raha tsy amin'izay fomba izay. Niresaka momba ireo traik'efa mahazatra nosintonina tamin'ny fiainan'ireo Mpianany Izy, ary niresaka momba ny reniakoho sy ny zanak'akoho, ny vorona, ny voninkazo, ny amboahaolo, ny hazo, ny mpangalatra, ny jiolahy an-dalambe, ny masoandro mody, ny manankarena sy ny mahantra, ny mpitsabo, ny tapa-damba, ny fanaisorana ahidratsy, ny famafana trano, ny famahanana kisoa, ny fivelesana ny vary, ny fanobiana anaty fitoerambary, ny fanorenana trano, ny fanaramana olona hanampy, ary ny zavatra am-polony maro hafa. Niresaka mikasika ny voan-tsinapy sy ny vato soa Izy. Naniry hampianatra ireo mpihaino Azy Izy ka dia niresaka mikasika zavatra tsotra amin'ny fampiasana hevitra mifono tandindona. Tsy misy hoe tsiambaratelo na maizina ny amin'ireo zavatra ireo, ary izy rehetra ireo dia mifono tandindona.

Ny tempoly mihitsy no lasa tandindona. Raha toa ianao ka efa nahita tempoly iray amin'ny andro alina, izay feno hazavana, dia fantatrao fa zavatra tena manaitra be izany rehefa jerena. Ilay tranon'ny Tompo, izay rakotry ny hazavana sy mijoro miavaka ao anatin'ny haizina dia lasa tandindon'ny

hery sy ny fitaomam-panahy avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, mijoro ho toy ny fanilo eto amin'izao tontolo izao izay toa mihamilentika hatrany hatrany ao anatin'ny haizina arapanahy.

Ny fombafomba masina ao amin'ny tempoly dia tsy ho takatra tanteraka raha sambany vao mankany. Ho takatra amin'ny ampahany fotsiny ihany izany. Miverena any indray ary miverena any foana foana. Miverena any mba hianatra. Ireo zavatra izay nanaitra anao na ireo zavatra izay toa hafahafa taminao na ireo zavatra izay toa misitery ho anao dia ho lasa takatrao. Ny maro amin'izany dia ireo zavatra mangina sy anao manokana izay tena tsy hainao hazavaina amin'olonkafa. Fa ho anao izy ireny dia zavatra fantatra tsara.

Ny zavatra izay azontsika avy amin'ny tempoly dia hiankina be dia be amin'izay zavatra entintsika mankany amin'ny tempoly, amin'ny lafiny fanetren-tena sy fanehoana fanajana ary faniriana hianatra. Raha manaiky ampianarina isika dia ho ampianarin'ny Fanahy, ao amin'ny tempoly.

Raha manana fahafahana ianao hanatrika fivoriana fanafiana masina ao amin'ny tempoly na hanatrika famehezana, dia diniho ny hevitra lalindalina kokoa ampitain'izay zavatra hitanao aseho eo anoloanao. Ary mandritra ireo andro maromaro aorian'ny fitsidihanao tany amin'ny tempoly dia tsarovy sy eritrereto ao an-tsaina foana ireny zavatra ireny, avereno amim-pahanginana sy amim-bavaka izy ireny ary dia ho hitanao fa hitombo ny fahalalanao.

Anisan'ny maha-sarobidy ny zavatra iainana any amin'ny tempoly dia noho izany maneho ny topimaso mahafaoka ireo tanjon'Andriamanitra mikasika an'ity tany ity. Raha vantany vao tany amin'ny tempoly isika (ary afaka miverina any isika manatsara ny fitadidiantsika) dia hita fa mirindra tsara amin' ilay drafitra manontolo ireo zavatra rehetra mitranga. Hitantsika tsara amin'ny lafiny rehetra hoe aiza ho aiza no misy antsika, ary afaka mahita haingana isika raha sendra mivaona amin'ilay lalana.

Koa mitodia mankany amin'ny tempoly. Tantano ho any amin'ny tempoly ireo zanakareo. Amin'ny andron'ny fahazazany dia tariho hitodika any ny fifantohan'izy ireo, ary atombohy ny fanomanana azy ireo ho amin'ilay andro izay hidiran' izy ireo ao amin'ny tempoly masina.

Mandritra izany, dia aoka ho azo ampianarina ianao, ary aoka haneho fanajana. Diniho lalina ary aoka ianao higoka amin'ireo fampianarana—ireo fampianarana ampiasana tandindona sy ara-panahy lalina—izay tsy ho azo raha tsy any amin'ny tempoly.

Mila fotoana ny fanomanana fanambadiana any amin'ny tempoly. Mendrika ny homanina am-pitandremana izany. Matetika ireo mpifamofo tanora izay raiki-pitia dia mamaritra fa hivady izy ireo ary manantitrantitra, na dia mifanohitra amin' izany ary ny zavatra takian'ireo ray aman-dreniny, fa maniry izy ireo ny hivady avy hatrany, ao anatin'ny iray na roa herinandro monja. Ny fangatahan'ireo ray aman-dreny hananana fotoana bebe kokoa hiomanana dia indraindray raisin'ireo mpanambady ho toy ny tsy fankasitrahana ny fanambadian'izy ireo. Matahotra izy ireo hoe raha miandry sao dia misy zavatra hanelingelina ny drafitr'izy ireo. Ny mpanambady sasany dia mampiseho endrika tena tsy matotra sy tsy tsara fanahy rehefa mikiry ny hanatanterahana eo no ho eo ireo lamina izay tsy ho tanteraka raha tsy arahin'olana tena sarotra sy izay mitondra matetika amin'ny traikefa iray izay latsa-danja lavitra noho izay tokony nahatongavana raha toa ka hafa kokoa ny fandehanjavatra narahina.

Raha toa ka koropahina loatra na terena loatra dia toa misy zavatra banga amin'ny dia voalohany mankany amin'ny tempoly, na amin'ny andron'ny fanambadiana any amin'ny tempoly. Izany hoe sambany ho any amin'ny tempoly izany na izany famehezana amin'ny andron'ny fanambadiana izany dia zavatra iainana indray mandeha monja eo amin'ny fiainana. Rariny raha miomana ho amin'izany. Manan-danja loatra izy io ka tsy tokony havelantsika hanelingelina antsika tsy hifantoka amin'izany ireo pitsopitsony madinika amin'ny fanomanana toy ireo fiomanana ara-batana toy ny sakafo sy ny fanaingona ny trano hanaovana ny lanonana. Noho io antony io dia tokony ho vita mialoha daholo ny zavatra rehetra. Mety ho hahatonga fahasorenana be ny famelana ny zavatra manandanja sasany ho tsy vita mandra-pahatonga an'io andro io.

Raha tonga aloha hanatrika fivoriana iray ianao ka mipetraka mangina ao amin'ny trano fivavahana ary mandinika ireo olona tonga, dia ho hitanao fa misy zavatra entin'izy ireo. Mihamafana ny mari-pana ara-panahy ary miova ilay efitrano



*Efitranon'ny fahariana, Tempolin'i Salt Lake*

izay foana teo ary avy eo tonga feno olona, rahalahy sy rahavavy mpanatrika izay tonga niaraka tamin'ny fanantenana handray zavatra.

Amin'izao fotoana izao, noho ireo androntsika feno dia feno, dia tsy afaka hanao izany foana isika rehefa manatrika fivoriana iray. Na inona na inona raisintsika noho io fomba fiatrehana fivoriana io dia manan-danja avo roa heny rehefa mandeha any amin'ny tempoly isika. Vao mainka izany marina raha sambany vao mandeha any isika. Tokony ho tonga aloha any isika.

Hitanao fa izany fahatongavana aloha izany dia tsy hoe mba ho fiarovana fotsiny, na fakana antoka fa ao tsara ireo fahazoan-dalana sy ny zavatra hafa ka afaka miomana amin'ny zava-baovao ho atrehina isika. Mihoatra noho izany ilay izy. Izany dia ny tonga ara-potoana ao amin'ny toerana tokony ho izy mba hahatongavantsika amim-pahatoniana amin'ilay toe-panahy tokony ho izy—miomana ho an'izay zavatra tokony hitranga.


Ny zavatra noresahintsika teo dia ny mikasika an'ireo mpandray anjara amin'ny traikefa ao amin'ny tempoly, saingy misy tranga hoe misy fanambadiana any amin'ny tempoly omanina ary misy olona akaiky ao amin'ny fianakaviana no tsy afaka mahazo fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. Mety hoe ilay lehilahy na ilay vehivavy no olona niova fo ka tsy mbola ato amin'ny Fiangonana ny ray aman-dreniny; na koa hoe vaovao loatra ato amin'ny Fiangonana izy ireo ka tsy afaka mahazo fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. Na koa hoe mpikamban'ny Fiangonana ireo ray aman-dreny fa ny iray amin'izy ireo dia tsy miaina tsara ireo fitsipiky ny filazantsara ka tsy afaka hahazo fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. Ireny sakana ireny dia toa olana goavana amin'ny fotoan'ny fanambadiana any amin'ny tempoly. Ireo fotoana ireo dia tokony ho fotoana hampiray tokoa ny mpianakavy, izay tokony hampitambatra azy ireo hifampizara an'ireo fotoana masina eo amin'ny fiainana ireo. Ny fisintonana ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly an'ny olona anankiray izay tsy mendrika, na ny tsy fahafahana manasa namana na havana iray tsy mpikambana hanatrika ny famehezana dia mety vetivety foana dia hiteraka olana. Izany dia mety hiteraka tsy fifaliana sy fifandirana amin'ny fotoana indrindra izay tena ilana indrindra ny hilaminan'ny zavatra rehetra mba hisian'ny firindrana tsara.

Inona no tokony ataontsika amin'ny tranga toa izany? Ny zavatra tsy tokony ataontsika dia ny maneho fanerena amin'ny eveka. Ny eveka, noho ny fenitra izay tsy maintsy arahiny amin'ny maha-mpitsara tsotra ao Isiraely azy dia tsy afaka hanome fahazoan-dalana hiditra ny tempoly amin'ny fo tsy miangatra ho an'ny olona iray izay tsy mendrika. Ny fanaovana izany dia mety hanimba be ireo olona tafiditra amin'izany. Ary tsy ho rariny koa ny fanaovana izany amin'ilay eveka.

Rehefa manomana fanambadiana any amin'ny tempoly ka tsy afaka miditra ny tempoly ny iray amin'ireo ray aman-dreny na ny havana iray tena akaiky, ny fanomanana tsara dia mety ahatonga izany ho lasa fahafahana hiteraka vokatsoa fa tsy hiteraka olana. Diniho ireto sosokevitra ireto. Asao ilay ray aman-dreny izay tsy mpikambana, na ilay mpikambana izay tsy afaka mahazo fahazoan-dalana hiditra ny tempoly mba hiara-dia amin'ireo mpanatrika rehetra ho any amin'ny tempoly. Ao amin'ny zaridainan'ny tempoly dia misy fanahy sy fitaomana izay tsy hita na aiza na aiza. Ny tempoly sasany dia misy toerana fandraisana ireo vahiny. Ny zaridainan'ny tempoly dia voakarakara tsara ho kanto hatrany. Amin'ny ankapobeny ny tempoly sy ny zaridaina dia toeran'ny fiadanana sy fahatoniana.

Kendreo hisy olona iray hiara-hiandry amin'io olona ao amin'ny fianakaviana io. Azo antoka fa tsy tianao ho avela irery io olona io. Efa maro ny tranga nahitana fa ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay tena afaka tsara hiditra ao amin'ny tempoly hanatrika ny fanambadiana dia afa-po na dia miaramijanona ao amin'ny zaridainan'ny tempoly amin'ireo izay tsy afaka manatrika aza. Teo amin'ireo toerana manodidina ny tempoly no nahafahan'izy ireo nanazava ny fanirian'ireo mpanambady ny hofehezina ao amin'ny tranon'ny Tompo.

Afaka misy fitaomana lehibe hitranga amin'io fotoana io izay tsy afaka ny ho tanteraka tamin'ny fomba hafa. Ohatra, any amin'ireo tempoly lehibe sasany dia misy fitsidihana fampahafantarana atao. Ny fanomanana mialoha dia ahafahana manolotra vahaolana sahaza tsara ho an'izay ilain'ny fianakaviana akaiky izay tsy afaka ny hiditra ao amin'ny tempoly noho ny antony samihafa. Ireo fomba ireo dia tena afaka mampitony be ny fahadisoam-panantenana eny na ny fankahalana mihitsy aza, ary indraindray ny fahatezerana avy amin'ireo ray



*Sary hita ao amin'ny efitranon'ny saha, Tempolin'i Los Angeles Californie*

aman-dreny izay tsy mpikambana na mpikambana fa tsy afaka miditra ny tempoly.

Any amin'ny tempoly sasany dia misy efitra manokana izay ahafahan'ireo ray aman-dreny izay tsy afaka ny hiditra, mihaona amin'ny olona manam-pahefana iray izay afaka mamaly ireo fanontaniana ananan'izy ireo.

Tokony ho takatr'ireo mpanambady fa ireo ray aman-drenin' izy ireo dia mety efa niandrandra an'io andro fanambadiana io nandritra ny androm-piainan'ilay mpampakatra sy ny an' ilay ampiakarina manontolo. Ny fanirian'izy ireo hanatrika ny fanambadiana sy ny fanafintohinana tsapany rehefa tsy afaka manao izany, dia manambara fitiavan-dray aman-dreny. Tsy tokony hanafintohina ireo mpanambady izany. Fa tokony heverina ary hatrehana am-piomanana tsara ho ampahany amin'ny raharaham-panambadiana.

Mazava ho azy fa misy ny tranga hoe tohina ilay ray aman-dreny tsy afa-manatrika ary tsy hay ampitoniana. Amin'ireny tranga ireny ny hany azon'ireo mpanambady atao dia ny mionona amin'izay tsara indrindra vitany. Mety hipetraka izao fanontaniana izao: Raha izany, sao ary dia tokony hanao fisoratam-panambadiana tsotra aloha isika mba ahafahan'izy ireo manatrika izany, avy eo dia miandry ilay fepetra herintaona alohan'ny hidirana ao amin'ny tempoly? Saingy tsy izany no vahaolana tsara indrindra. Ny fanomanana amim-bavaka sy amim-pitandremana tsara mazàna dia afaka mamadika ireo olana ho tonga fahafahana iray izay amin'ny farany hahatonga ny fianakaviana hifanatona kokoa noho ny teo aloha.

Ny vondrona namana maro, sy ireo mpikambana ao amin'ny paroasy sy ny sisa tahaka izany dia tsy tokony ho asaina hanatrika ny fanambadiana. Ny vondron'ny mpanatrika ny fanambadiana dia tokony ho kelikely, tsy ahitana afa-tsy ireo ankohonana roa tonta ary olona vitsy izay tena akaiky an'izy roa mpanambady. Nisy fotoana hoe natao filazana tao amin'ny paroasy ny fanambadiana iray ary nasaina tamin'izany ny rehetra mba hiezaka hanatrika mba hanohanana sy hankaherezana azy roa mpanambady. Izany zavatra izany no antony hanaovana ny lanonam-panambadiana. Ny lanonam-panambadiana dia natao ho fotoana hanolorana fisaorana amin'ireo namana sy ireo mpanolotra firarian-tsoa. Fa ny tena fanambadiana any amin'ny tempoly kosa dia tokony ho masina ary tsy tokony ho

zaraina raha tsy amin'ireo izay tena manana toerana manokana eo amin'ny fiainan'ireo mpanambady.

Tsy azontsika tononona ivelan'ny tempoly akory ireo teny lazaina mandritra ny ôrdônansin'ny famehezana fanambadiana, kanefa azontsika atao ny mitantara ny hakanton'ny endrik'ilay efitrano famehezana, ny toe-panahy milamina sy tony tsapa ao, sy ny fahamasinany noho ny asa masina tanterahana ao.

Alohan'ny hirosoan'ny mpivady manoloana ny alitara hanao ny ôrdônansin'ny famehezana dia manana fahafahana hanome torohevitra vitsivitsy ny mpiandraikitra ny fanambadiana ary manana fahafahana handray izany ireo mpivady vao herotrerony. Anisan'ny teny mety ho ren'ny mpivady vao herotrerony mandritra izany fotoana izany ny hoe:

"Anio no andro hanaovana ny fanambadianareo. Mety ho heniky ny fihetseham-po noho izany fanatanterahana ny fanambadianareo izany ianareo. Naorina ho toerana voatokana hanaovana ôrdônansy toy izany ny tempoly. Tsy ao amin' izao tontolo izao isika. Tsy manan-kery ato ny zavatr'izao tontolo izao ary tsy tokony hanana fiantraikany amin'ny zavatra izay ho ataontsika eto. Niala teo anivon'izao tontolo izao isika ary tonga ato amin'ny tempolin'ny Tompo. Ity andro ity no lasa andro manan-danja indrindra eo amin'ny fiainanareo.

"Teraka ianareo, voasa ho tonga teto an-tany tamin'ny alalan'ireo ray aman-dreny izay nanomana taberinakely arabatana mba hitoeran'ny fanahinareo. Samy vita batisa ny tsirairay avy aminareo. Ny batisa, izay ôrdônansy masina, dia tandindon'ny fanadiovana, tandindon'ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin'ny maty ary tandindon'ny firosoana eo amin'ny fiainam-baovao. Ao anatin'izany ny fibebahana sy ny famelan-keloka. Ny fanasan'ny Tompo dia fanavaozana ny fanekempihavanan'ny batisa, ary afaka ny hihazona ny famelan-keloka isika raha manaja izany tanteraka.

"Ianao, ry mpampakatra, dia notendrena tao amin'ny fisoronana. Nomena ny Fisoronana Aharôna aloha ianao tamin'ny voalohany ary mety niroso hatrany tao amin'ireo anjara fanompoana rehetra misy ao amin'izany—diakona, sy mpampianatra ary mpisorona. Dia tonga indray avy eo ny andro izay nahitana fa mendrika ny handray ny Fisoronana Melkizedeka ianao. Io fisoronana io, na fisoronana ambony

kokoa, dia faritana hoe fisoronana araka ny lamina masina indrindra an'Andriamanitra, na Fisoronana Masina araka ny Lamin'ny Zanak' Andriamanitra. (Jereo ny Almà 13:18 sy ny Helamàna 8:18.) Naroso tao amin'ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana ianao. Loholona ianao izao.

"Samy efa nandray ny fanafiana masina ianareo roa. Nandritra izany fanafiana masina izany dia nandray hery anaty ho amin'ny mandrakizay ianareo. Kanefa izany rehetra izany, raha atao bango tokana, dia fanombohana sy fiomanana amin'ny firosoanareo eto amin'ny alitara mba hofehezina ho mpivady ho amin'izao fotoana izao sy ho amin'ny mandrakizay. Tonga fianakaviana ianareo ankehitriny, afaka handray anjara malalaka amin'ny famoronana aina, afaka manana fahafahana amin'ny alalan'ny fanoloran-tena sy fahafoizan-tena hitondra zanaka eto amin'ity izao tontolo izao ity ary afaka hitaiza azy ireo amim-pitandremana mandritry ny fiainany eto an-tany; ary afaka hahita azy ireo indray andro any, toy ny nataonareo, handray anjara amin'ireto ôrdônansy masin'ny tempoly ireto.

"Tamin'ny nahim-ponareo no nahatongavanareo teto ary efa nambara fa mendrika ianareo. Izao firaisanareo izao dia afaka ho fehezin'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana."

> Koa irahiko ho aminareo ankehitriny ny Mpampionona hafa, dia aminareo ry sakaizako, mba hahazoany mitoetra ao am-ponareo, dia ny Fanahy Masin'ny fampanantenana; dia Mpampionona hafa iray izay izy ihany, ilay nampanantenaiko ny mpianatro, araka izay voasoratra ao amin'ny tenivavolombelon'i Jaona.
>
> Io Mpampionona io no fampanantenana izay omeko anareo ny amin'ny fiainana mandrakizay, dia ny voninahitry ny fanjakana selestialy. F&F 88:3–4.)

"Ny fifanekena ao anatin'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana dia andraikitra lehibe, izay mitondra fitahiana mihoapampana miaraka aminy."

Ny mpanambady dia mety samy ho tena heniky ny fihetsaham-po be mandritra ilay fanambadiana ka mety tsy hihaino tsara—mety tsy ho henon'izy ireo tsara ireo teny ambara amin' ilay ôrdônansin'ny famehezana. Na dia tsy azontsika atao aza ny mamerina ireo teny ireo any ivelan'ny tempoly, dia afaka

miverina any isika rehefa misy fahafahana hanatrika fanambadiana. Tompo tena malala-tanana no nanome lalana antsika hanao izany. Amin'ireny fotoana ireny, izay fotoana hoe tsy dia tena voakasika loatra amin'ilay raharaha ny tenatsika manokana, dia afaka mihaino amim-pitandremana tsara ireo teny ambara mandritra ilay ôrdônansy isika. Torak'izany koa mazava ho azy, rehefa miverimberina matetika isika manao asa ho an'ireo izay efa nodimandry, dia afaka mahazo fampahatsiahivana mikasika ny zavatra niainantsika nandritra ny fanafiana masina ny saintsika sy ny fanahintsika.

Raha efa mpivady efa vita fisoratam-panambadiana ianareo tany aloha, dia mety haniry ny ho fehezina ho amin'ny mandrakizay ankehitriny, ary raha manana zanaka ianareo, haniry ny hamehezana azy ireo aminareo ao anatin'ny fifandraisampianakaviana maharitra mandrakizay. Raha manao izay hahamendrika anareo ho an'izany ianareo dia mety ho tombotsoanareo lehibe ny handray izany fitahiana izany.

## *Mitafy Akanjo Fotsy*

Rehefa manao asa fanatanterahana ôrdônansy ao amin'ny tempoly isika dia mitafy akanjo fotsy. Izany fitafy izany dia tandindon'ny fahadiovana sy ny fahamendrehana.

Eo am-pidirana ao amin'ny tempoly dia soloinao akanjo fotsy fitafy any amin'ny tempoly ireo akanjo fitondranao andavanandro. Ao amin'ny efitrano fisoloana akanjo no hanaovana izany fisoloana izany, izay hanomezana ny olona tsirairay toerana fampirimana akanjo sy toerana ampy hisoloana akanjo izay ho azy samirery tanteraka. Tandrovana fatratra ao amin'ny tempoly ny fenitry ny fahamaotinanana. Rehefa hidinao ao amin'ny fampirimana akanjonao ny fitafianao dia avelanao ao miaraka amin'izany ireo ahiahy sy zavatra hafa mety hahavariana. Mivoaka avy ao amin'io toerana fisoloana akanjo anao manokana io ianao mitafy akanjo fotsy ary hahatsiaro tena ho iray sy hitovy amin'ireo hafa manodidina anao satria miakanjo fotsy tahaka izany koa ny rehetra manodidina anao.

Raha sambany ianao no mandeha any amin'ny tempoly, dia milà hevitra any amin'ny evekanao. Rehefa manome fahazoan-dalana ho anao ny eveka dia hanazava zavatra aminao izy mikasika ny karazana fitafiana izay ho takiana any



*Efitrano terestrialy, Tempolin'i Salt Lake*

amin'ny tempoly. Tsy mila miasa saina ny amin'ny fomba fahazoana izany fitafiana izany ianao. Azonao atao na ny mividy izany amin'ny alalan'ny Sampan-draharahan'ny Fanapariahana an'ny Fiangonana, na indraindray, ny manofa izany any amin'ny tempoly. Amin'ity tranga farany ity dia misy sarany faran'izay kely takiana, izay tsy maha antoka afatsy ny saran'ny fanasana ireo fitafiana ireo. Tsy misy ny fanofana akanjo any amin'ireo tempoly kelikely kokoa.

Sahala ny mikasika ireo lanonana sy ôrdônansin'ny tempoly, any ivelan'ny tempoly isika dia tsy miresaka firy mikasika ireo fitafiana anaovana ao anatiny ao. Azontsika lazaina fa izy ireny, toy ireo fombafomba masina, dia manana hevitra lalina miendrika tandindona.

Fanehoana fanomezam-boninahitra sy fanajana izany hoe rehefa misy mpikamban'ny Fiangonana mitsidika any amin'ny tempoly ka mitafy amin'ny fomba izay tsy ahatonga azy ho tsy hahazo aina eo anatrehan'ny Tompo. Eritrereto vetivety hoe voasa ianao hivahiny ao amin'ny tranon'ny mpitondra iray lehibe sy hajain'ny rehetra. Ampahafantarina ianao fa hifangaro amin'ireo vahiny manan-kaja izay maharay koa fanasana mitovy amin'izany. Ilay fanasana dia hamantarana fa ilay mpampiantrano dia mandray anao amim-panajana tokoa. Tonga saina ianao fa maro ireo olona hafa no ho naniry fatratra ny fanasana toy izany, fa noho ny antony samihafa dia tsy voasa izy ireo ary noho izany dia tsy afaka hanatrika. Noho izany toe-javatra izany dia tsy mampino raha toa ka ho any ianao ka hitafy akanjo tonta fentina miasa rehefa ho any na hoe hanao fitafy fentina miala voly. Tsy azo inoana hoe hisy lehilahy ho any ka tsy hanala volombava tamin'ny hareza, na hoe hisy vehivavy ho any ka navela nisaritaka ny volony.

Ny olona mihaja sy miandala ny kanto, raha maharay fanasana hanatrika fivoriana manan-danja dia matetika mametraka fanontaniana mikasika izay karazana fitafy ho sahaza amin'izany. Moa ve tsy hiomana tsara ianao ho an'ny fotoana manokana toa izany? Mety hoe hividy akanjo vaovao mihitsy aza ianao sady manantena fa tsy hiavaka be ny endrikao eo anatrehan'ilay fotoana feno famendrehana.

Hiseho koa ny fitandremana mikasika ny hoe voapasoka sy madio tsara ve ny akanjonao. Tsy hahazo aina ianao raha toa ka tsy manao fitafy sahaza.

Ny fahafahana hitsidika ny tempoly dia azo ampitahaina amin'ny fanasana toy izany.

Tranga iray ihany no ahitana mpikamban'ny Fiangonana voasa hiditra ao amin'ny tempoly mihitsy amin'ny fitafy mahazatra, dia rehefa manatrika fanambadiana any amin'ny tempoly. Amin'io tranga io dia ny kiraro ihany no esorina ary azo soloina kiraro fotsy izany. Taona maro lasa izay nankatoavin'ireo Rahalahy izany mba ho mora kokoa ho an'ireo olona ao amin'ny fianakaviana sy namana izay tsy handalo fivoriana fanafiana masina mialohan'ilay fanambadiana.

Mandeha mankany amin'ny tempoly ny lehilahy sy vehivavy hanambady mba hivady ho amin'ny fotoana sy ho mandrakizay. Amin'izany ireo vehivavy hanambady dia mitafy akanjo fotsy izay lava tanana, maotina raha ny didiny sy ny karazan'ny ravin-damba, ary tsy misy fanaingona diso tafahoatra. Ireo lehilahy hanambady koa dia mitafy akanjo fotsy. Ireo rahalahy izay tonga hanatrika fanambadiana any amin'ny tempoly dia tsy mitafy "smoking."

Nampivarahontsana anay ary somary nampalahelo kely ihany koa indrainday, raha nanatrika tao amin'ny tempoly, ny fahitana fa misy olona sasany tonga hanatrika fanambadiana na hanatrika fotoam-pivoriana ao amin'ny tempoly manao fitafy toa ireny hoe handeha hitsangatsangana na hanatrika fihetsiketsehana ara-panatanjahatena.

Ny tombontsoa manokana hahafahana hiditra ny tempoly dia mendrika ny hanehoana mihoatra kokoa noho izany avy amintsika. Mahafaly ny Tompo rehefa hoe mandro isika ary mitafy akanjo madio, na dia mora tahaka ny inona aza ny vidin' ilay akanjo. Ny fitafiantsika dia tokony ho fomba fitafy izay mba hahafahantsika hanatrika amim-pilaminan-tsaina raha toa ka fivorian'ny fanasan'ny Tompo na fivoriana iray mendrikaja no hatrehina."

Indraindray nahitana olona iray hanatrika fanambadiana izay hita mazava fa tsy dia niraharaha loatra ny torohevitra nomen'ireo Rahalahy momba ny fitafy sy ny endrika, mahakasika ny hoe fitandremana mba tsy haka tahaka an'izao tontolo izao amin'ny fanaovana karazana fitafy, na amin'ny endriky ny volo sy ny halavany, izay miavaka diso tafahoatra, sns. Manontany tena izahay ho nahoana ny olona iray izay manana fahamatorana ampy hahafahany miditra ao amin'ny tempoly



*Efitrano Selestialy, Tempolin'i Columbia River Washington*

no tsy hanana fahatsapana ampy hahafantarana fa ny Tompo dia tsy afaka ny ho faly amin'ireo izay mampiseho mazava fa tia kokoa ny mikatsaka ireo fomban'izao tontolo izao.

Ahoana no ahafahan'ny mpikambana iray manana fahazoan-dalana hanatrika ao amin'ny tempoly amin'ny fitafy tsy maotina ary araka ny an'izao tontolo izao? Ahoana no ahafahan'ny olona iray manana endriky ny volo izay tsy mifanaraka amin'ny hoe mendri-kaja sy madio?

Rehefa manana fahafahana ianao handeha ho any amin'ny tempoly handray anjara amin'ireo fombafomba fanao ao amin'ny tempoly na hanatrika famehezana iray, dia tadidio hoe aiza no misy anao io. Vahiny nasaina ianao ao amin'ny tranon'ny Tompo. Tokony hanana endrika sy fomba fitafy izay hampahazo aina anao ianao raha toa ka hiseho ilay Mpanasa anao.

Ireo izay mihazona ny fitahian'ny fisoronana sy mizara izany dia tokony hampitafy ny vatany araka izay nambara tamin'i Joseph Smith Mpaminany tamin'ny nanomezana azy ny fombafomba atao mandritra ny fanafiana masina.

Ireo mpikambana izay nandray ny ôrdônansin'ny tempoly dia hitafy manomboka hatreo ilay garmenta atin'akanjo manokana. Ireo garmenta dia avy amin'ny fikambanana iray ato amin'ny Fiangonana—ary matetika dia afaka mahazo azy ireny ireo mpikambana maneran-tany amin'ny alalan'ny fandaharan'asa fanapariahana karakarain'ny Fiangonana.

Ilay garmenta dia maneho fanekempihavanana masina. Mamporisika mba ho maotina izy ireny ary lasa ampinga sy fiarovana ho an'ilay mitafy azy.

Ny fitafiana ny garmenta toy ireny dia tsy manakana ireo mpikambana hanao ireo fitafy mifanaraka amin'ny toetr'andro izay fampiasa amin'ny ankapobeny any amin'ireo firenena rehetra maneran-tany. Ireo fitafy izay tsy maotina na mivaona be raha ny didiny no hany tsy mety hifanaraka amin'ny fitafiana ireo garmenta. Na iza na iza mpikamban'ny Fiangonana, na efa tany amin'ny tempoly izany na tsia, dia haniry, raha ny tokony ho izy, ny hiala amin'ireo fomba fitafiana miavaka loatra na tsy maotina.

Mety misy fotoana hoe miatrika fanontaniana mahakasika ny garmenta ireo mpikamban'ny Fiangonana efa naharay fanafiana masina.

Indray mandeha ny iray tamin'ireo rahalahy dia voasa handray fitenenena ho an'ireo mpianatra sy ireo mpiasa tao amin'ny Sekoly Fanofanana ireo Aumôniers ao amin'ny Tafika an-dranomasina Amerikana ao Newport, Rhode Island. Ny mpanatrika tamin'izany dia nahitana aumôniers mpitondra fivavahana ambony maro tao amin'ny tafika an-dranomasina avy ao amin'ny finoana Katôlika sy Prôtestanta ary Jiosy.

Tamin'ny fotoana natokana ho an'ny fametrahana sy famaliana fanontaniana dia nanontany ny iray tamin'ireo aumôniers hoe: "Azonao atao ve ny miresaka kely aminay momba ilay atin' akanjo manokana izay tafian'ireo tantsambo Môrmôna sasantsasany?" Ny tao ambadik'izany fanontaniana izany dia hoe: "Nahoana ianareo no manao izany? Tsy hafahafa ve izany? Tsy miteraka olana ve izany?"

Fanontaniana no namaliany an'ilay aumônier, nanao hoe: "Fiangonana iza no soloinao tena?" Ho valin'izany dia nanonona ny anaran'ny iray amin'ireo fiangonana Prôtestanta ilay aumônier.

Hoy izy indray hoe: "Eo amin'ny fiainana andavanandro sy rehefa mitarika fotoana eo amin'ny asa ato amin'ny tafika ianao dia manao fitafian'ny mpitondra fivavahana, sa tsy izany?" Eny hoy ilay aumônier.

Nanohy indray izy hoe: "Mihevitra aho fa manana ny lanjany izany aminao, izany hoe amin'ny lafiny iray dia mampiavaka anao amin'ireo olona hafa eo amin'ny fiangonana tarihinao izany. Io no fanamianao, azo lazaina hoe, ao amin'ny asa fanompoana. Ary heveriko koa fa mety manana anjara toerana lehibe lavitra noho izany izy io. Mampahatsiahy anao izy io hoe iza ianao ary inona no andraikitrao sy ny fanekempihavanana nataonao. Fampahatsiahivana hatrany izy io fa hoe mpitondra fivavahana ao amin'ny fiangonanao ianao, mihevitra ny tenanao ho mpanompon'ny Tompo ianao, ary tompon'andraikitra ianao hiaina amin'ny fomba izay hahamendrika anao amin'ny fanosorana natao taminao."

Avy eo izy dia nilaza tamin'izy ireo hoe: "Tokony ho azonareo takarina farafaharatsiny ny iray amin'ireo antony mahatonga an'ireo Olomasin'ny Andro Farany hanana fanolorantena ara-panahy lalina mikasika io garmenta io. Zavatra iray lehibe mampiavaka ny fiangonanareo amin'ny anay ny hoe

izahay dia tsy manana mpitondra fivavahana matihanina mandray karama, tahaka anareo. Ireo fitandremana rehetra dia mpitarika eo an-toerana no miahy azy. Izy ireo dia lehilahy nantsoina izay samy manana ny anton'asany manokana. Kanefa dia voahosotra ao amin'ny fisoronana izy ireny. Manana anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana. Atokana hihazona toerana ho filoha sy mpanolotsaina ary mpitarika amin'ny sokajy samihafa izy ireo. Ireo vehivavy koa dia manana izany andraikitra izany sy izany adidy izany. Ny lehilahy izay mitarika ny fiangonana ny Alahady izay hoe eveka, dia afaka mandeha miasa ny Alatsinainy amin'ny maha-mpiasan'ny paositra azy, na mpiasa birao, na mpiompy, na dokotera, na mpanamory fiaramanidina ao amin'ny tafika an'habakabaka na amin'ny mahamanambonihahitra tantsambo azy. Raha amin'ny fenitra arahinay izy dia voahosotra tsy misy hafa amin'ny maha-voahosotra anareo araka ny fenitra arahinareo. Amin'izany izy dia eken'ny ankamaroan'ny mpitondra fanjakana amin'ny maha-mpitondra fivavahana azy. Misintona tombontsoa sasantsasany avy amin' io akanjo manokana io izy, tahaka anareo avy amin'ny fanamianareo amin'ny maha-mpitondra fivavahana anareo. Ny mahasamihafa azy dia ny fanamianay dia tafianay avy any anatiny fa tsy atao ety ivelany, satria izahay dia manana anton'asa any amin'ny toeram-piasana samihafa ankoatry ny asa fanompoana atao ao am-piangonana. Ireo zava-masina ireo dia tsy tianay harantiranty eo anatrehan'izao tontolo izao."

Avy eo izy dia nanazava hoe misy hevitra ara-panahy lalina kokoa ihany koa, izay mampifandray ny fitafiana an'io garmenta io amin'ny fanekempihavanana izay atao any amin'ny tempoly. Tsy hitanay hoe ilaina ny miresaka momba izany—tsy hoe tsiambaratelo miafina izy ireny akory, hoy indray izy, fa satria masina izy ireny.

Ilay garmenta, izay mandrakotra ny vatana, dia fampahatsiahivana hita maso sy azo tsapai-tanana an'ireo fanekempihavanana ireo. Ho an'ny mpikambana maro ao amin'ny Fiangonana iny garmenta iny dia lasa ampinga fiarovana tamin'ny fotoana izay niatrehan'ilay nitafy azy fakam-panahy iray. Iray amin'ireo zavatra maro izay asehony, io garmenta io dia maneho ny fanajanay lalina ireo lalàn'Andriamanitra—isan' izany ny fenitra ara-pitondrantena.

## *Ny Fahefana entina Hamehezana*

Raha te-hahatakatra ny tantara na ny fotopampianaran'ny asa ao amin'ny tempoly isika dia tsy maintsy mahatakatra aloha ny dikan'ny hoe fahefana famehezana. Mila mahatakatra isika, farafahakeliny, ny antony maha-zava-dehibe ny fampiasana ny fanalahidin'ny fahefana hampiasana ny fahefana famehezana.

Teo amin'ny sivinjato taona talohan'i Kristy dia niseho teo anatrehan'ny mpanjakan'Isiraely ny mpaminany Elia. Nanana fahefana masina iray izy, dia ny fahefana famehezana.

Nahavita ny asa fanompoany i Elia, ary nanokana sy nanosotra an'i Elisa mba handimby azy, ary avy eo dia—ary zava-dehibe ity—tsy niharan'ny fahafatesana. Toa an'i Mosesy teo alohany, dia nakarin'Andriamanitra ho any an-danitra izy.

Tao aorian'io fotoana io, dia indray mandeha ihany no miseho ny anarany ao amin'ny Testamenta Taloha, ao amin'ny andininy alohan'ny farany ao amin'ny toko farany indrindra ao amin'ny Testamenta Taloha. Ao amin'io Malakia mpaminany no maminany hoe hiverina i Elia, ary "hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy," fandrao ho voavely amin'ny fandringanana ny tany manontolo. (Jereo ny Malakia 3:23-24.)

> Ary rehefa tonga tany amin'ny faritanin' i Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao hoe: Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona?
>
> Dia hoy ireo: Hoy ny Sasany: Jaona Mpanao batisa; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ireo mpaminany.
>
> Ary hoy Jesosy taminy: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza?
>
> Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.
>
> Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra hianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra.
>
> Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy.



*Efitrano selestialy, Tempolin'i Salt Lake*

Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao etỳ ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao etỳ ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra. (Matio 16:13–19.)

Tamin'i Petera sy Jakôba ary Jaona niaraka tamin'ny Tompo teny amin'ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy dia nisy olona roa niara-niseho teo niaraka tamin'ny Tompo izay niova tarehy. Fantatr'izy ireo tamin'izay fa Mosesy sy Elia ireo, izay tsy maintsy nanolotra tamin'ity fiadidiana ity ny fahefana famehezana. (Jereo ny Matio 17:1–8; mariho fa ny anarana hoe *Elia* ao amin'ny Testamenta Vaovao izay avy amin'ny teny Grika hoe Elijah dia samy ampiasaina na ho dikantenin'ilay anarana Hebreo hoe *Elijah* izay ampiasaina matetika ao amin'ny Testamenta Vaovao ilazana an'i Elia, ilay mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha.)

Tsy maintsy natao izay hihazonan'i Petera ireo fanalahidy. I Petera dia tsy maintsy nihazona ny fahefana famehezana, ilay fahefana izay mitondra ny hery entina hamatotra na hamehy eto an-tany na koa entina hamaha eto an-tany mba ho tanteraka any an-danitra koa izany.

Tamin'ny taona 34 Taorian'i J.K taorian'ny nanomboana Azy, dia nanompo tany amin'ireo Nefita ny Tompo. Notononiny tamin'izy ireo—ary tsara ho marihina izany eo amin'ny tantaran'ny soratra masina—ny toko farany ao amin'ny Malakia (izay ahitana ilay faminaniana hoe mbola hiverina i Elia), ary nasainy hosoratan'izy ireo, ary avy eo nazavainy.

Raha niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny Anjely Môrônia hilaza ny amin'ireo takelaka, dia nanonona ny faminanian'i Malakia hoe mbola hiverina i Elia. Io findraman-teny io izao dia mandrafitra ny fizarana faharoa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

Telo ambin'ny folo taona taorian'ny nisehoan'i Môrônia, dia nisy tempoly natsangana mba ho sahazan'izany tanjona izany, ary dia niseho indray ny Tompo ary tonga niaraka Taminy i Elia ka nanolotra ireo fanalahidin'ny fahefana famehezana.

Ireo fanalahidy ireo dia hazonin'ny Filohan'ny Fiangonana—ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara. Izany fahefana masina famehezana izany dia ato amin'ny Fiangonana ankehitriny. Tsy misy zavatra hafa raisina ho masina kokoa mihoatra

izany ho an'ireo izay mahafantatra ny lanjan'izany fahefana izany. Tsy misy zavatra izay tazomina akaiky kokoa noho izany. Azo lazaina hoe vitsy ireo lehilahy izay mihazona io fahefana famehezana io eto ambonin'ny tany amin'ny fotoana iray—ao amin'ny tempoly tsirairay dia misy rahalahy izay nomena ny fahefana famehezana. Tsy misy afaka mahazo izany raha tsy avy amin'ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany na avy amin'ireo izay notendreny hanome izany ho an'ny hafa.

## "*Nahita ny Tompo [...] izahay. ...*"

Ny andro niverenan'i Elia dia Alahady tolakandro iray, ny 3 Aprily 1836. Nisy fivoriana fanasan'ny Tompo natao tao amin'ny Tempolin'i Kirtland. Tamin'izao teny tsotsotra izao no namariparitan'ny Mpaminany io tolakandro io:

> Tamin'ny tolakandro, dia nanampy ireo filoha hafa nizara ny Fanasan'ny Tompo ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana aho, rehefa avy nandray izany tamin'ny Roambinifololahy, izay nanana tombontsoa manokana hitantana teo amin'ny latabatra masina tamin'io andro io. Rehefa nanatontosa ity fanompoana ho an'ny rahalahiko ity aho, dia nisintona nankeny amin'ny polipitra, ka nony efa tafidina ny efitra lamba, dia niara-niankohoka tamin'i Oliver Cowdery, tao anatin'ny vavaka mangina sy masina aho. Rehefa nitsangana avy nivavaka izahay, dia nosokafana ho anay izao fahitana manaraka izao. (F&F 110, sasin-teny.)
>
> Nesorina hiala ny sainay ny voaly ary nosokafana ny mason' ny fahatakaranay.
>
> Nahita ny Tompo nijoro teo ambonin' ny arofanin' ny polipitra teo anoloany izahay; ary teo ambany tongony ny lalam-bato volamena tsy nisy fangarony, ka ny lokony dia tahaka ny ambira.
>
> Ny masony dia tahaka ny lelafo; ny volon-dohany dia fotsy tahaka ny orampanala tsy misy fangarony; ny tarehiny dia manjelanjelatra mihoatra noho ny famirapiratry ny masoandro; ary ny feony dia tahaka ny firohondrohon' ny rano be, dia ny feon' i Jehovah manao hoe:



*Efitrano selestialy, Tempolin'i San Diego Californie*

Izaho no voalohany sy farany; Izaho no Ilay velona; Izaho no Ilay efa novonoina; Izaho no mpisolovava anareo ao amin′ ny Ray.

Indro, voavela ny fahotanareo; madio ianareo eo anoloako; koa andrandrao ny lohanareo ary mifalia.

Aoka ny fon′ ny rahalahinareo hifaly, ary aoka ny fon′ ny vahoakako rehetra hifaly, ny vahoakako izay efa nanorina ity trano ity tamin′ ny heriny ho an′ ny anarako.

Fa indro efa nekeko ity trano ity ary ho eto ny anarako; ary Izaho haneho ny tenako amin′ ny vahoakako amin′ ny famindram-po, ao amin′ ity trano ity.

Eny, Izaho hiseho amin′ ireo mpanompoko sy hiteny aminy amin′ ny feoko ihany, raha mitandrina ny didiko ny vahoakako ary tsy mandoto ity trano masina ity.

Eny, ny fon′ ny an′ arivony sy ny an′ alina dia hifaly fatratra tokoa noho ny fitahiana izay harotsaka sy ny fanafiana masina izay efa nanafiana ny mpanompoko tao amin′ ity trano ity.

Ary hiely any an-tany hafa ny lazan′ ity trano ity; ary izany no fiandohan′ ny fitahiana izay harotsaka eo ambonin′ ny lohan′ ny vahoakako. Izany tokoa. Amena.

Rehefa nikatona izany fahitana izany, dia nosokafana taminay indray ny lanitra; dia niseho teo anoloanay i Mosesy ary nanolotra anay ny fanalahidin′ ny fanangonana an′ i Isiraely avy any amin′ ny vazan-tany efatra sy ny fitarihana ny firenena folo avy any amin′ ny tany avaratra.

Rehefa izany dia niseho i Elià ary nanolotra ny fotoampitantanan′ ny filazantsaran′ i Abrahama sady nilaza fa ao aminay sy ny taranakay no hitahiana ny fara aman-dimby rehetra.

Rehefa nikatona izany fahitana izany dia fahitana iray hafa, lehibe sady be voninahitra no nipoitra taminay; fa nijoro teo anoloanay i Elia mpaminany izay nalaina ho any an-danitra ka tsy nanandrana fahafatesana ary nanao hoe:

Indro, efa migadona tanteraka ny fotoana izay efa notenenin′ ny vavan′ i Malakia— sady nijoroany ho vavolombelona fa izy [i Elia] dia hirahina mialohan′ ny hahatongavan′ ny andron′ ny Tompo, ilay lehibe sy mahatahotra—

> Mba hampody ny fon′ ny ray ho amin′ ny zanaka ary ny fon′ ny zanaka ho amin′ ny ray, fandrao hasiana amin′ ny ozona ny tany—
>
> Koa atolotro ho eo an-tananareo ny fanalahidin′ ity fotoampitantanana ity; ary izany no ahafantaranareo fa ny andron′ ny Tompo, ilay lehibe sy mahatahotra, dia efa akaiky, mby eo am-baravarana aza. (F&F 110:1–16.)

Tena nitranga ilay izy! Izany zava-nitranga miavaka izany dia tsy tsikaritr′izao tontolo izao, kanefa dia hanova ny fomba hiafaran′ny olona rehetra izay efa niaina teto an-tany hatrizay na izay rehetra mbola hiaina rahatrizay. Nanomboka nitranga tamim-pahanginana ny fandehan-javatra. Lasa fiangonana mpanorina tempoly ny Fiangonana.

Teo amin′izao tontolo izao, nanomboka nipoitra etsy sy eroa, tamin′ny fomba izay heverin′ny olona fa nandeha ho azy, ireo olona sy fikambanana na vondron′olona liana amin′ny fikarohana tetiarana. Izany rehetra izany dia nitranga hatramin′ny nisehoan′i Elia tao amin′ny tempolin′i Kirtland.

Nanomboka tamin′io andro io mihitsy, 3 Aprily 1836, no nanomboka nitodika tamin′ireo ray ny fon′ireo zanaka. Hatramin′io andro io dia tsy voafetra intsony ny faharetan′ ireo ôrdônansy fa naharitra mandrakizay. Efa eto amintsika ny fahefana famehezana. Tsy misy hery na fahefana hafa mihoatr′izany raha ny lanjany. Io fahefana io no mahatonga ireo ôrdônansy rehetra tanterahana amin′ny fahefana tokony ho izy, na ho an′ny velona na ho an′ny maty, hanan-kery sy haharitra mandrakizay.

## *Vita araka ny Lamina ny Zava-drehetra*

Taorian′ireo zava-nitranga mahatalanjona tao amin′ny Tempolin′i Kirtland dia voatery nifindra monina ireo Olomasina noho ny fahasahiranana sy ny fanenjehana. Na aiza na aiza nitoeran′izy ireo dia nanambara drafitra ny Tompo ny hanorenan′izy ireo tempoly. Marina izany na tany Independence na tany Far West, Missouri. Tamin′izany fotoana izany dia niharan′ny fanenjehana izay mbola tsy nisy nahery vaika toy izany ireo Olomasina ary dia nandositra tany

Nauvoo, Illinois izy ireo. Teo dia tonga indray ny fanambarana niaraka tamin'ny didy hanorina tranon'ny Tompo.

Nanazava ny Tompo fa ny tanjona hanorenana ilay trano dia ny hanambarana ireo ôrdônansy. "Ary lazaiko aminareo marina tokoa, aoka izany trano izany haorina ho an' ny anarako, mba hahazoako manambara ireo ôrdônansiko amin' ny oloko; Fa sitrako ny hanambara amin' ny fiangonako ireo zavatra izay efa nafenina hatry ny talohan' ny nanorenana izao tontolo izao, zavatra izay mikasika ny fitantanan' ny fotoam-pahafenoana." (F&F 124:40–41.)

Nilaza Izy fa ny tempoly dia ho toerana hahafahan'izy ireo hanatanteraka "ny fanosoranareo sy ny fanasanareo ary ny batisanareo ho an' ny maty sy ny fivoriana masinareo ary ny fanatipahatsiarovanareo ataon' ny zanakalahin' i Levy, ary ny fanambaranareo ao amin' ny toeranareo masina indrindra izay andraisanareo ireo tafasiry, sy fitsipikareo ary didim-pitsaranareo ho fiandohan' ny fanambarana sy ny fototr' i Ziona, ary ho voninahitra sy haja ary fanafiana masina ny mpiray monina aminy rehetra, … amin' ny alalan' ny ôrdônansin' ny tranoko masina izay andidiana mandrakariva ny oloko mba haorina ho an' ny anarako masina." (F&F 124:39.)

Ireto no an'isan'ireo ôrdônansy izay tanterahantsika ato amin'ny Fiangonana: batisa, fanasan'ny Tompo, fanomezana anarana sy fitsofan-drano ny zaza, fanasitranana ireo marary, fanokanana ho amin'ireo antso ao am-piangonana, fanendrena ao amin'ireo anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana. Ankoatr'izany dia misy ôrdônansy ambonimbony kokoa, izay tanterahana ao amin'ireo tempoly. Izany dia ahitana ny fanasana, ny fanosorana, ny fanafiana masina ary ny ôrdônansin'ny famehezana izay lazaina amin'ny ankapobeny hoe fanambadiana any amin'ny tempoly.

Tahaka ny ahoana ny maha-zava-dehibe ireo ôrdônansy amintsika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika?

Afaka ny ho sambatra ve ianao, azo avotana ve ianao, azo asandratra ve ianao raha tsy misy azy ireny? Valiny: Izy ireny dia mihoatra noho ny tokony atao na ny tsara ho atao na mihoatra noho ny ilaina mihitsy aza. Mihoatra noho ny hoe tena ilaina na ny hoe iankinan'ny aina mihitsy aza. *Tena zava-dehibe indrindra* izy ireny ho antsika tsirairay.

Nilaza ny Mpaminany Joseph Smith fa matetika izy no nametrahana ny fanontaninana hoe:

> "Tsy afaka ny ho voavonjy ve isika raha tsy mandray ireo ôrdônansy rehetra ireo, sns.?" Ny ho valinteniko dia hoe: Tsia, tsy hahazo ny famonjena feno. Hoy i Jesoa hoe: "Ao antranon'ny Raiko misy fitoerana maro; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho." Ny hoe *trano* voalaza eto dia tokony nadika hoe fanjakana ary ireo olona izay asandratra any amin'ny trano avo indrindra dia mila mankatò ny lalàna selestialy sy ny lalàna manontolo koa. (*History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints,* navoakan'i B. H. Roberts, boky faha-7 [Salt Lake City: Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, 1949], 6:184.)

Nilaza ny Filoha Joseph Fielding hoe:

> Tsy mampaninona ahy izay anjara fanompoana hazoninao ato amin'ity Fiangonana ity, mety ho apôstôly ianao, mety ho patriarika, na mpisorona avo, na inona na inona, kanefa tsy afaka mandray ny fahafenoan'ny fisoronana raha tsy mandeha mankany amin'ny tempolin'ny Tompo ary mandray ireo ôrdônansy izay noresahin'ny mpaminany. Tsy misy lehilahy afaka mahazo ny fahafenoan'ny fisoronana any ivelan'ny tempolin'ny Tompo. (Joseph Fielding Smith, *Elijah the Prophet and His Mission* [Salt Lake City: Deseret Book Co., 1957], pejy 46.)

Niresaka isika teo mikasika ireo ôrdônansy ambonimbony kokoa izay tanterahana ao amin'ny tempoly. Izy ireo dia ahitana ny fanafiana masina. Ny hoe manafy dia mampitombo, manome ny olona iray hafa zavatra iray izay maharitra sy manan-danja be. Ny ôrdônansin'ny fanafiana masina any amin'ny tempoly dia mampitombo amin'ny lafin'ny telo: (a) Ilay mandray ilay ôrdônansy dia omena hery avy amin'Andriamanitra. "Ireo mpandray dia tafiana hery avy any ambony." (b) Ny mpandray dia tafiana ihany koa fampahalalana sy fahalalana. "Mandray fampianarana izy ireo mikasika ny tanjona sy ny drafitry ny Tompo." (Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine,* edisiôna faharoa [Salt Lake City: Bookcraft, 1966], pejy 227.) (d) Rehefa fehezina eo amin'ny alitara ny olona iray dia tonga mpandray fitahiana sy hery ary haja feno voninahitra ho isan'ny fanafiana azy.

Misy famaritana na famariparitana roa navoaka mikasika ny fanafiana masina, ny voalohany dia nataon'ny Filoha Brigham Young:

> Mamelà ahy hanome anareo famaritana fohy. Ny fanafiana masina anareo dia ny mandray ireo ôrdônansy rehetra ao amin'ny Tranon'ny Tompo izay ilainareo, rehefa hiala ity fiainana ity, mba hahafahanareo hiverina ho eo anatrehan'ny Ray, mandalo ireo anjely izay mijoro ho mpiambina, afaka manome azy ireo ireo teny fanalahidy, sy marika ary famantarana izay mahakasika ny Fisoronana masina, ary mandray ny fisandratanareo mandrakizay na dia eo aza ny tany sy ny helo. (*Discourses of Brigham Young,* nangonin'i John A. Widtsoe [Salt Lake City: Deseret Book Co., 1971], pejy 416.)

Ny Loholona James E. Talmage dia namariparitra ny fanafiana masina ho toy izao:

> *Ny Fanafiana Masina ao amin'ny Tempoly,* araka izay tanterahana ao amin'ireo tempoly amin'izao fotoana izao dia ahitana fampianarana mikasika ny dikan'ireo fotoampitantanana tany aloha sy ny filaharany, sy ny lanjan'ny fotoampitantanana ankehitriny amin'ny maha-vanim-potoana lehibe indrindra eo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona. Io fampianarana io dia ahitana ny fitanisana ireo zavanitranga manan-danja indrindra teo amin'ny vanimpotoan'ny fahariana, ny toetoetran'ireo ray aman-drenintsika voalohany tao amin'ny Sahan'i Edena, ny tsy fankatoavan' izy ireo sy ny fandroahana hiala tao vokatr'izany, ny fiainan'izy ireo tao amin'ilay tontolo ngazana sy mahonena raha voatery nivelona amin'ny asa sy ny hatsemboany, ny drafitry ny fanavotana izay hahafahana manavotra amin'ilay fandikan-dalana lehibe, ny vanimpotoan'ny apôstazia lehibe, ny famerenana ny Filazantsara amin'ny laoniny miaraka amin'ireo fahefana sy tombotsoa rehetra nisy fahiny, ilay fepetra tsy azo ialana mikasika ny fahadiovan'ny tena manokana sy ny fanokanan-tena amin'ny tsara mandritra ny fiainana ankehitriny, ary ny fanarahana antsakany sy andavany ireo zavatra takian'ny Filazantsara. (James E. Talmage, *The House of the Lord* [Salt Lake City: Bookcraft, 1962], pejy 99–100; izay voalaza manomboka etoana hoe *The House of the Lord*.)

Io fanambarana avy amin'ny Loholona Talmage io dia mametraka mazava tsara fa rehefa mandray ny fanafiana masina anao ianao dia handray fampianarana mahakasika ny tanjon'ny Tompo sy ny drafiny teo amin'ny nahariana ny tany sy ny fametrahana mponina teo amboniny. Ho ampianarina anao izay zavatra tsy maintsy ataonao mba hahazoanao fisandratana.

Ny fitahiana entin'ny fanafiana masina dia takiana mba hahazoana ny fisandratana feno. Ny Olomasin'ny Andro Farany tsirairay dia tokony hikatsaka ny ho mendrika izany fitahiana izany ary ny hahazo izany.

Ireo ôrdônansin'ny fanasana sy ny fanosorana dia resahina matetika ao amin'ny tempoly hoe ôrdônansy fampidirana. Ampy ho an'ny tanjontsika ny milaza an'izao fotsiny: Miaraka amin'ny fanafiana masina dia misy ny fanasana sy ny fanosorana—amin'ny ankapobeny dia miendrika tandindona; kanefa mampanantena fitahiana tena izy, eo no ho eo sy amin'ny hoavy ihany koa.

Mifandray amin'ireo ôrdônansy ireo dia hotafiana ilay garmenta amin'ny fomba ôfisialy ianao ao amin'ny tempoly ary ampanantenaina fitahiana mahatalanjona mifandraika amin' izany. Zava-dehibe ny hihainoanao tsara rehefa tanterahina ireo ôrdônansy ireo sy ny hiezahanao mahatadidy ireo fitahiana ampanantenaina sy ireo fepetra hahafahana manatanteraka azy ireny.

Ny ôrdônansin'ny famehezana no ilay ôrdônansy izay mamatotra ny fianakaviana ho mandrakizay. Ny fanambadiana any amin'ny tempoly dia ôrdônansy famehezana iray. Rehefa fehezina ao amin'ny tempoly ny mpivady iray aorian'ny fanambadiana ara-panjakana dia fehezina amin'izy ireo mandritra ny ôrdônansy iray masina sy fohy ireo zanaka naterak'izy ireo talohan'io fotoana io, izany hoe tsy mbola teraka tao anatin'ny fanekena.

Iangaviana ianao mba haka antoka fa milamina tanteraka ny fiainanao. Izany dia tsy tonga raha tsy amin'ny alalan'ny fandraisanao ireo tsodranonao any amin'ny tempoly, ireo ôrdônansinao, satria "miharihary ao amin' ny ôrdônansiny ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra." (F&F 84:20.)

## *Fanekempihavanana Masina*

Ny Tompo, ao amin'ilay fanambarana izay antsoina ankehitriny hoe fizarana faha-132 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia manambara hoe:

> Fa indro, ambarako aminareo ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay; ary raha tsy mandray izany ianareo dia voaheloka; fa tsy misy afaka mitsipaka izany fanekempihavanana izany nefa avela hiditra ao amin' ny voninahitro.
>
> Fa izay rehetra te-hahazo fitahiana eo an-tanako dia handray ny lalàna izay voatendry ho an' izany fitahiana izany sy ireo fepetrany izay najoro talohan' ny fanorenana izao tontolo izao. (F&F 132: 4–5.)

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia namaritra ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay tamin'izao teny izao:

> Inona ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay? Malahelo aho milaza fa misy mpikambana sasany ato amin'ny Fiangonana izay diso fihevitra sy tsy nampahafantarina tsara ny mikasika ny hoe inona ilay tena hoe fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay. *Ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay dia ny fitambaran'ireo fanekempihavanana sy adidy rehetra ao amin'ny filazantsara.* (Joseph Fielding Smith, *Doctrine du Salut,* boky faha-3 [Salt Lake City: Bookcraft, 1954–56], 1:156; izay resahina manomboka eto hoe *Doctrines du Salut.*)

Izany fanekempihavanana izany dia ahitana ireo ôrdônansy rehetra an'ny filazantsara—ary ny ambony indrindra amin' izany dia tanterahina ao amin'ny tempoly. Raha hindrana indray ny tenin'ny Filoha Smith dia hoe:

> Ankehitriny dia misy famaritana mazava tsara sy amin'ny antsipirihany an'ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay. *Izany no zavatra rehetra—ny fahafenoan'ny filazantsara.* Koa ny fanambadiana natao araka ny tokony ho izy, ny batisa, ny fanendrena ao amin'ny fisoronana, ny zavatra hafa rehetra—*ny fifanekena rehetra, ny adidy rehetra, ny zavatra atao rehetra izay mifandraika amin'ny filazantsaran'i*

> *Jesoa Kristy, izay fehezin'ny Fanahy Masin'ny fampanantenana* araka ny lalàny izay omena etoana, *dia ampahan'ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay.* (*Doctrines du Salut,* 1:158.)

Ao amin'ilay andininy voalaza teo aloha (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:4) dia milaza mazava tsara ny Tompo hoe: "… fa tsy misy afaka mitsipaka izany fanekempihavanana izany nefa avela hiditra ao amin' ny voninahitro."

Ireo izay mandeha any amin'ny tempoly dia manana tombontsoa manokana handray eo amin'izy ireo ireo fanekampihavana sy adidy manokana izay mifandraika amin'ny fisandratan'izy ireo sy ny an'ny hafa. Ny Loholona James E. Talmage dia nanoratra hoe:

> Ireo ôrdônansin'ny fanafiana masina dia ahitana andraikitra sasantsasany miantefa amin'ilay olona, toy ny fanekempihavanana sy fampanantenana ny hitandrina ny lalàn'ny fahamasinana sy fahadiovam-pitondrantena hentitra, ny ho feno fiantrana, mampiseho fitiavana, tia mandefitra ary madio; ny hanokana ny talenta sy ny fananana ho an'ny fanapariahana ny fahamarinana sy ny fanatsarana ny zanak'olombelona; ny hihazona ny fanoloran-tena ho amin'ny fotokevitry ny fahamarinana; ary ny hikatsaka amin'ny fomba rehetra ny handray anjara amin'ilay fanomanana lehibe mba hahatonga ny tany ho vonona handray ilay Mpanjakany,—dia Jesoa Kristy Tompo. Miaraka amin'ny fandraisana ny fanekempihavanana tsirairay sy ny fanekena ny adidy tsirairay dia misy fitahiana ampanantenaina tononina, izay miankina amin'ny fitandremana amimpahatokiana ireo fepetra. (*The House of the Lord,* pejy 100.)

Manao fanekempihavanana amin'ny Tompo isika hanokana ny fotoantsika, ny talentatsika ary ny fananantsika ho an'ny Fanjakany.

Isika dia vahoakan'ny fanekempihavanana. Manao fanekempihavanana isika hanome amin'ny fananantsika amin'ny alalan'ny fotoana sy vola ary talenta—izay rehetra maha-isika antsika sy izay rehetra ananantsika—ho tombontsoan'ny fanjakan'Andriamanitra eto ambony tany. Amin'ny teny tsotra dia manao fanekempihavanana isika ny hanao ny tsara. Vahoakan'ny fanekempihavanana isika ary ny tempoly no

ivon'ireo fanekempihavanantsika. Io no loharanon'ilay fanekempihavanana.

Mankanesa any amin'ny tempoly. Tokony handeha ho any amin'ny tempoly ianao. Ao, rehefa misolotena olona iray izay efa niampita ny voaly ianao, no hamerenana eo anatrehanao ireo fanekempihavanana izay efa nataonao. Ho hamafisina ao an-tsainao ireo fitahiana lehibe ara-panahy izay mifamatotra amin'ny tranon'ny Tompo.

Aoka ianao ho mahatoky amin'ireo fanekempihavanana sy ôrdônansin'ny filazantsara. Meteza ho mendrika an'ireo ôrdônansy ireo, dingana iray isaky ny mandeha, araka ny handrosoanao eo amin'ny fiainana. Hajao ireo fanekempihavanana mifandraika amin'izy ireny. Ataovy izany dia ho sambatra ianao.

Amin'izay dia hilamina ny fiainanao—ny zavatra rehetra voarindra araka ny tokony ho fizorany sy araka ny laharana sy ny tsangananana tokony ho izy. Ny fianakavianao dia hifandray araka ny lamina izay tsy mety ho rava intsony.

Ireo fitahiana izay azonao alaina any amin'ny tempoly no ifantohan'ireo fanekempihavanana sy ôrdônansy izay tanterahana any. Azo antoka fa faly ny Tompo raha mendrika isika ny antsoina hoe: Mpitandrina ireo fanekempihavanana.

## *Tsy maintsy hisy Fanoherana*

Ny tempoly no ivon'ny tanjaka ara-panahin'ny Fiangonana. Tokony ho vonona hatrany isika fa ny fahavalo dia hanohitra antsika amin'ny maha-Fiangonana antsika sy amin'ny isambatan'olona antsika rehefa mikatsaka ny handray anjara amin' ity asa masina sy nentanim-panahy ity isika. Ny fanoherana dia mety hanomboka amin'ny fenenjehana mahery vaika toy ny tany amboalohany ka hatramin'ny tsy firaharahiana ilay asa. Ity farany angamba no karazana fanoherana izay mampidi-doza sy manimba indrindra ny asan'ny tempoly.

Miteraka fanoherana lehibe tokoa ny asa ao amin'ny tempoly satria izany no loharano hahazoana hery ara-panahy lehibe tokoa ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany sy ho an'ny Fiangonana iray manontolo.

Tamin'ny fametrahana ny vatofehizoron'ny Tempolin'i Logan dia nilaza izao manaraka izao ny Filoha George Q. Cannon:

> "Ny vato fototra tsirairay izay tafapetraka ho an'ny Tempoly iray, sy ny Tempoly tsirairay izay voatsangana araky ny lamina nambaran'ny Tompo ho an'ny Fisoronany masina, dia mampihena ny herin'i Satana eto an-tany, ary mampitombo ny herin'Andriamanitra sy ny Fahamasinana, mampihetsika ny lanitra amin'ny hery lehibe mba ho antsika, ary miantso sy mampidina ho eo amintsika ireo fitahiana avy amin'ireo Andriamanitra Mandrakizay sy ireo izay mitoetra eo anatrehan'izy ireo. (Tao amin'ny "The Logan Temple," *Millennial Star,* 12 Nôv. 1877, pejy 743.)

Rehefa ao anatin'ny ahiahy ireo mpikamban'ny Fiangonana na misy fanapahan-kevitra lehibe tena manavesatra ny sainy dia zavatra fanaon'izy ireo matetika ny mandeha any amin'ny tempoly. Toerana tsara hitondrana ireo ahiahintsika izany. Afaka mandray fitarihana ara-panahy isika ao amin'ny tempoly. Rehefa ao isika, mandritra ny fanatrehana ny fotoana ao amin'ny tempoly dia "any ivelan'izao tontolo izao."

Ampahany lehibe amin'ny maha-zava-dehibe ireny fotoana ireny ny fanaovantsika zavatra ho an'ny olona iray izay tsy afaka manao izany ho an'ny tenany. Rehefa manao ny fanafiana masina ho an'ny olona iray izay efa nodimandry isika dia somary mahatsiaro ho tsy dia misalasala kokoa hivavaka mafy amin'ny Tompo mba hanampy antsika. Rehefa mila mandray fanapahan-kevitra ny mpivady vao herotrerony, ka akaiky ny tempoly no misy azy, dia tena tsara ny manatrika fotoana iray any. Misy zavatra manadio sy manazava ao amin'ilay tontolo ara-panahy izay ao amin'ny tempoly.

Indraindray ny saintsika dia vesaran'ny olana loatra ary maro loatra ireo zavatra misarika ny saintsika ao anatin'ny fotoana iray ka manjary tsy afaka mieritreritra tsara sy mahita mazava tsara isika. Ao amin'ny tempoly dia toy ny miravina ireo fisahotahan'ny zava-mahasarika rehetra, toy ny misava ny zavona sy ny haizina, ary dia afaka "mahita" ireo zavatra izay tsy nety hitantsika teo aloha isika ary mahita fomba iray izay tsy hitantsika teo aloha hahafahana miala amin'ireo olana ananantsika.

Hitahy antsika ny Tompo rehefa manao ireo asa fanatanterahana ôrdônansy masina ao amin'ny tempoly isika. Tsy ho voafetra ao amin'ny asa ataontsika ao amin'ny tempoly ny fitahiana azo ao. Hotahiana isika eo amin'ny asa aman-draharahantsika rehetra. Ho afaka mahazo ny fifantohan'ny Tompo isika eo amin'ny asa aman-draharahantsika na ara-panahy na ara-batana.

## *Mankany amin'ny Voaly*

Tsy maintsy mahatakatra ny antony hananganantsika tempoly isika sy ny antony itakiana amintsika ireo ôrdônansy. Avy eo isika dia hampianarina sy hazavaina hatrany mikasika ireo zavatra izay manan-danja ara-panahy. Izany fanazavana izany dia tonga andalana anampy andalana, fitsipika anampy fitsipika, mandra-pahazoantsika fahazavana sy fahalalana feno. Izany fahazavana sy fahalalana feno izany dia manjary lasa fiarovana lehibe ho antsika—ho antsika tsirairay manokana. Fiarovana koa izany ho an'ny Fiangonana.

Tsy misy asa hafa izay mitondra fiarovana lehibe kokoa ho an'ny Fiangonana mihoatra noho ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fikarohana ny tetiarana izay miara-dalana amin' izany asa izany. Tsy misy asa hafa izay mampivoatra ara-panahy mihoatra noho izany. Tsy misy asa hafa ataontsika ka manome hery mihoatra noho izany. Tsy misy asa hafa izay mitaky fenitry ny fahamarinana avoavo kokoa noho izany asa izany.

Ny asa ataontsika any amin'ny tempoly dia ahazoantsika ampinga sy fiarovana amin'ny maha-olona iray manokana antsika sy amin'ny maha-vahoaka antsika.

Amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny tempoly no mahatafiditra antsika ao anaty fanekempihavanana Aminy—ao isika no lasa vahoakan'ny fanekempihavanana.

Raha ekentsika ny fanambarana mahakasika ny asa fanaovana ôrdônansin'ny tempoly, raha manaiky miditra ao amin'ny fanekempihavanana ataontsika tsy misy fisalasalana na fialantsiny isika, dia hiaro antsika ny Tompo. Handray fitaomampanahy ampy isika hiatrehana ireo olana eo amin'ny fiainana.

Marina ny asa mifandraika amin'ireo tempoly. Nambara avy any ambadiky ny voaly izany ary mbola mitohy ny fanambarana.

Afaka ho tonga amin'ny mpikamban'ny Fiangonana tsiraira ny fanambarana mikasika ny asa atao ao amin'ny tempoly.

Koa mankanesa aty amin'ny tempoly—avia ary alaivo ireo fitahiana ho anao. Asa masina izany.



NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02367 93654 9
36793 654